## Ny Valosoa sy hadihady

### Lisi-pifidianana

# Tokony hovaina ny « logiciel » ary hasiana sary izany lisitra izany

Tafaverina an-tanindrazana ny sabotsy 11 Febroary lasa teo ny filoha teo aloha Rajaonarimampianina Hery. Efa nanahy ny nanomezan' izao fitondrana izao azy NOTAM ny ankamaroan' ny politisiana eto amin'ny Firenena. Efa tamin' izao fitondrana izao teo amin'ny tetezamita mantsy, no nanao izany fandrarana ny olompirenena natahorany teo amin'ny fifidianana tsy nanahazo niditra teto. Efatra taona koa Rajoelina Andry no nijanona tany ivelany rehefa tsy nahazo nirotsaka ho kandidà tamin' ny fifidianana ho Filoham-pirenena ny taona 2013. Rajoelina Andry no nanolotra an-dRajaonarimampianina Hery ho kandidà taorian'izany. Nanangana ny antokony, HVM, anefa ity farany ka izay no anton'ny disadisa teo amin'izy ireo. Samy efetra taona no nijanonan'izy roalahy tany ivelany ary talohan'ny niverenan-dRajoelina Andry teto an-toerana tamin'ny naha kandidà azy dia nanolotra ny IEM tany Frantsa izy. Lany ho filohan'ny Repoblika izy araka ny didy tsy azo ivalozana navoakan' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana. Nanao famindram-pahefana tamin-dRajoelina Andry izy, izay vao nandeha tany ivelany. Tsy niketrika programa hanaovana fampielezankevitra izy tany ivelany ary nanambara fa tonga hitety an'i Madagasikara ary hijery ny fiainan'ny mpiray Tanindrazana izay vao hihevitra ny programa entina manarina ny Firenena sy hivoahana amin'izao fahoriana mianjady amin'ny vahoaka izao. Tsy ny nampanahy ny mpomba an-dRajaonarimampianina Hery no nitranga satria tafiditra soa aman-tsara teto an-tanindrazana izy, fa nampiseho ny mampalemy azy indray izao fitondrana izao, ka nosakanana tsy nahazo niditra teny amin'ny seranam-piaramanidina Ivato ireo vahoaka saika nitsena ity filoha teo aloha ity. Ny fanontaniana mipetraka dia tahotra ny vahoaka mety nirohatra toy ireo nitsena ny Barea ve no anton'ny tsy namelana ireo mpomba an-dRajaonarimampianina Hery niditra teny Ivato ? Atahoran'izao fitondrana izao fa hahavory vahoaka maro ka mety hanozongozona ny toerany ny mpanohitra rehefa mba mikasa hanao hetsika an-kalamanjana. Raha ny fantatra aloha dia tsy misy mihevitra ny hanongam-panjakana ny mpanohitra na dia tsy mbola nizaka fahoriana toy izay misy amin'izao fotoana izao aza ny Malagasy, satria samy mihevitra ny hanala azy ireo eo amin'ny toerany amin'ny fomba demokratika. Na miezaka manao laharam-pamehana sy mampihatra ny "sosialim-bahoaka" ka mitety faritra aza Rajoelina Andry dia mitovy amin'ny "tosika fameno" sy ny "vatsy tsinjo" ihany izany, ka tsy hampisandratra ny Firenena sy hahavita taona ny vahoaka. Tokony ho ao an-tsain'ny mpitondra amin'izao fotoana izao fa mora manadino ny vahoaka gasy, ka raha falifaly sy hetsaka izy anio dia rehefa miverina miaina ny fiainany an-davanandro indray dia toy ny tsy nisy izay nisitrahany omaly. Ny hita aloha hatramin'izao dia tanàn-dehibe hatrany no hanaovan-dRajoelina Andry ny "sosialim-bahoaka", satria ny any amin'ireny toerana ireny no mila halaina ny fony satria ny any amin'ny tany lavitr'andriana kosa dia efa milamina ny fifidianana noho ny baiko midina avy amin'ny governora sy lehiben'ny distrika tsy maintsy tanterahin'ny sefo fokontany sy ny ben'ny tanàna. Manampy trotraka izany dia tsy mandeha araka ny tokony ho izy ny fanavaozana ny lisitry ny mpifidy. Tsy matoky ireo rafitra lazaina fa mahaleotena mikarakara ny fifidianana, ny Ceni sy ny Hcc, ny mpanohitra sy ny fiarahamonim-pirenena ary ny olompirenena afaka mandinika ny fikarakarana ny fifidianana noho ny nisian'ny "doublon" niisa tapitrisa mahery tamin'ny fifidianana fihodinana faharoa farany. Koa raha mbola hitohy hatramin'ny faran'ny volana jolay ihany ny fisoratana anarana ho mpifidy dia ny tsara indrindra dia ny manova ny "logiciel" mihitsy ary hipetaka eo amin'ny lisitry ny mpifidy ny sarin'ireo voasoratra ao. Misy izany fitaovana izany any Inde sy Etazonia, izay tsy nahenoana fa nisy krizy mihitsy taorian'ny fifidianana tany Inde na dia fitonjato tapitrisa aza ny mpifidy. Heverina fa ho azo ampiharina eto amintsika koa izany.

***Andry Tsiavalona***

Ambohitrolomahitsy, Manjakandriana

# Tsy mitsinjo sy tsy mahay manampy vahoaka ny mpitondra

Nitondra fanehoan-kevitra momba ny zava-misy any amin'ny kaominina Ambohitrolomahitsy distrikan'i Manjakandriana faritra Analamanga, ny filohan'ny Tanora TIM Ambohitrolomahitsy Jean Bosco Randriamparany. Nambarany fa tsy mahay mitsinjo sy tsy mahay manampy vahoaka ny mpitondra amin'izany kaominina ambanivohitra izany. Tsy hita ny FDL (Fond de Développement Local nomen'ny Fanjakana, tsy hita ny fanampiana hafa nomen'ny Fanjakana, nefa olona miaraka amin'ny Fanjakana no mitondra, hoy ity mpanao politika tanora ity. Ankoatra izany, tany amin'ny fokontany Analamanjaka hoy izy, nangataka tamin'ny mpitantana ny tanàna mba hanampy ny mponina satria potika tanteraka ny tafontranon'ny Sekoly EPP Analamanjaka . Efa tsy afaka ianarana intsony ny efitrano sasany. Tonga ny mpitantana ny tanána, tsy tafontrano sy fanarenana ny sekoly anefa no nentiny fa sotrobe 09, Koveta 5 ary kôpy 40. Tsy ampy nozaraina tamin'ny vahoaka aman-jatony izany.

Tokony ho laharam-pahamehana aloha dia ny zavatra tena ilain'ny vahoaka dia ny tafontrano izany, satria tsy afaka mianatra ireo mpianatra satria Simba ny sekoly. Nilaza koa izy fa misy vola vidin'ny kininina an'ny Kaominina tsy hay hoe aiza no nalehany. Mbola misy ny fitantanana hafa tsy mandeha amin'ny laoniny ao amin'ity kaominina ity hoy ihany Jean Bosco Randriamparany. Noho ireo antony ireo, nanambara ny tenany fa hanohy hirotsaka hanampy ny vahoakan' Ambohitrolomahitsy, aoka tsy hisy ny fanakantsakanana amin'izany. Maro ireo olona malalatanana vonona hanampy ny vahoaka hoy ihany ity mpanao politika tanora ity, raha tsy misy izay sakana izay. Ny antony manosika azy hanao izany hoy i Bosco dia "Tiako NY Tanindrazako, Tiako Ambohitrolomahitsy ary tsy maintsy mandroso no tanjona."

Nasiany resaka ihany koa ny fahapotehan'ny tanimbarin'ny tantsaha any Ambohitrolomahitsy, izay nopotehan'ny fitondrana noho ny anaovana ilay autoroute na lalambe migodana, tsy misy fijerena izy ireo tantsaha amin'izany hoy izy.

***Niaina***



*Ny filohan'ny TIM Ambohitrolomahitsy, Randriamparany Jean Bosco.*

ZAZA RAMANDIMBIARISON

# Fahapotehan'ny firenena, lera andraisana andraikitra izao

*Mitondra fanehoan-kevitra noho ny raharaham-pirenena ny mpanao politika, Praiministra lefitra teo aloha, Zaza Ramandimbiarison :*

"Fahapotehan' ny Firenena, lera andraisana andraikitra izao! Lera izao fa mangetaheta fanovana tena izy ny Malagasy maro an' isa . Aoka izay ny tsy fanajana ny lalàna velona, fa anjakan'ny tsy refesi-mandidy, no misy eto amin' ny tanindrazana iombonanan ity. Lera izao hibanjinana ny ho avy ka hifanafy hasina amin'izay ny Malagasy rehetra. Lera izao hanovana ny foto-pisainana hitondrana ny firenena, amin'ny alalan'ny fametrahana andrimpanjakana tan-dalàna mifototra amin'ny fitantanana tsy misy tomika, ny fampianarana, ny fijerena ny fahasalamana, ny fitandrona ny fandriampahalemana, izay tanterahana amin' ny alalan' ny fitantanana madio. Lera izao amin' ny fametrahana amin'ny azo antoka sy marimpototra ary mankato ny fahamarinana . Ny finoana arahin'asa vita tsara, no hahatratraran'ny Malagasy ny tanjona izay hiteraka sy hanome ny anjara masoandro ho an' ny tsirairay. Ny fiarahana mientana no hahavitantsika Malagasy ny fanovana



*Ny mpanao politika, Praiministra lefitra teo aloha, Zaza Ramandimbiarison.*

tena izy, ny fanarenana, ny fivoarana ary ny fandrosoana, mba hiadanan' ny ambany lanitra. Lera izao iaraha-mientana hivoatra, hanova, hanarina ary hampandroso ny firenena izay iray tsy mivaky, mba ho firenena maha te-hidera: miaina anatin'ny fahasamihafana, feno fifampatokisana, fiaraha-monina mifahatra amin'ny fihavanana, izay mampanjaka ny hevitry ny maro an'isa ary hanjakan'ny fahalalahana, ny fivelarana sy ny fifandeferana. Ny Malagasy tsirairay mahazo ny anjara masoandrony. Lera izao hanamafisana ny fanajana ny zon' ny tsirairay hanana ny heviny sy hanatanteraka izay safidiny. Lera hijorona sy hiasana amin' ny fananganana fiarahamonina mandala ny fahamarinana sy tsy miangatra . Iadiana amin'ny fahantrana sy ny tsy fahaizana. Lera hiarovana ny fahalalahana, ny maha olona ary ny zon' ny tsirairay. Lera izao ny hananganana fiaraha-monina tsy miangatra. Izay midika ho fiaraha-monina tsy voafaritra fotsiny amin'ny fitsinjarana mitovy sy ara-drariny ny harem-pirenena, fa koa ny fizarana marina ny andraikitra amin'ny fitsinjaram-pahefana tena izy anefa ho mpiara-miobon'antoka ho amin'ny fanovana, fanarenana ary fandrosoana ho an'ny Malagasy tsirairay. Lera izao hitsipahana ny fanavakavahana sy ireo fomba rehetra manome tombontsoa manokana tsy aradrariny miangatra ary manavakavaka ho an'ny olona vitsivitsy. Lera izao hijoroana sy hiarovana ny tontolo iainana madio, mba hiadanan' ny taranaka faramandimby ary mba hiasana sy hiainana ho an'ny fihariana maharitra. Lera izao hijoroana sy hiarovana ny fahalalahana sy ny fahamarinana. Lera izao hijoroana , hiasana ary hiarovana fa ny lalam- pifidianana izay hapetraka dia itokisana, malalaka, mangarahara ary eken' ny rehetra, ny fahefana mahefa , fahefana mitsara ary ny fanaovana lalàna dia misaraka tsara, malalaka ny hanehoana hevitra, ny fahazoana vaovao ary mba ho olona marina madio no hofidian' ny vahoaka, no ao anatin'ny rafipitondrana rehetra. Lera izao amin' ny fametrahana andrimpanjakana tan-dalàna mifototra amin'ny fitantanana tsy misy tomika, mba tsy hanjakan' ny tsy refesi-mandidy . Fitantanana miasa ho an'ny fiadananan' ny ambany lanitra sy manaja : ny fahalalanana, ny fahamarinana, ny fahafahan' ny tsirairay manatanteraka sehatr'asam-pamokarana no safidiny ao anatin' ny tontolo tsy misy fiangarana, ny firaisankina ary mametraka ny rafi-pitondrana akaikin' ny vahoaka, izay antoky ny tena fampiharana ny tena demokrasia. Lera izao hanorenana tena toekarena matanjaka sy afaka hitondra amin'ny fivoarana, ny fiovana ary ny fampandrosoana ny fari-piainan' ny Malagasy mpiray tanindrazana tsirairay. Ny fanovana sy ny fivoarana dia tokony hiorina amin'ny fampihàrana politika ara-toekarena izay hahazoan' ny Malagasy tsirairay mamokatra tsara sy tonga lafatra avy amin' ny asa nosafidiany sy ny talenta ary ny fampianarana norantoviny."

***Nangonin'Isambilo***

## TONONKALO

### Ny mifankatia

Ny mifankatia, fantaro, tsy ilay mifampijery
Dia miaraka mitsiky sy miteny hoe "tiako ianao".
Tsy `zany fotsiny fa mila teny mamy mampahery,
Sady tena mifanohana amin`izay rehetra atao !

Ny mifankatia, fantaro, tsy ilay mody mifamihina,
Dia mampiasa orokoroka mba ho marika , porofo.
Tena fitaka ny sary izay aseho na mody pihina,
Anehoana an-karihary ny fitiavana tsy miofo !

Ny mifankatia , fantaro, fa ilay miaraka mijery.
(Misy zotra iray iarahana, misy todika iombonana !)
Teny mamy no iraisana, lavitry ny teritery,
Sady ao ny risi-po mitory ny fahavononana !

Koa dia sambatra raha sambatra ny rehetra miara-dia,
Ka manan-tanjona iombonana sy firaisam-po maharitra.
Ireny ilay adika tsotra ho tena hoe MPIFANKATIA,
Izay azo raisina ho modely kanto sy mahafinaritra !

***IRINA HO TAFITA (14-02-23)***